

TENY FAMPIDIRANA - Famangiana pastoraly SAMBAVA

ny Alahady faha 20 desambra 2015

Mbola tsara atsika jiaby

Izay fiarahabana apostolika homba atsika mianakavy ny fiadanany Tompo no iarahabako atsika olo araiky eto amin'ny Eglisy iraka Sambava centre ary Eglisy iraka Antanifotsy ary isika Eglisy fototra sy Eglisy fiombonanan anaty Eglisy iraka izany. Androm-pahasoaavana ho atsika rehetra ity, ary noho ny fahaizantsika dia afaka manaraka amin'ny radio ireo tsy afaka manatrika eto ka isaorana ireo teknisiana fa tena mampitraotro atsika jiaby ho olo araiky tokoa fa indrindra amin'izao taona masina izao.

Ho zaraina anankiroa ny teny fampidirana ataoko amintsika

Ny voalohany dia mikasika ny taona masina,

Fary lava vaniny io ka mamy tokoa, averimberina fa mahasoa. Hanazava mikasika ny logo ny famindrampo. Io logo io no mamintina ny hevitry ny taona masina ary maniraka atsika hanao ny rehetra hianana mandritra an'izay taona masina izay. Ovale fa tsy boribory ny logo. Eo amin'ny ovale io no misoratra hoe : « [Mamindra fo tahaka ny Ray](#) ». Izay no hafatra amin'io sary io.

Jesoa hitantsika amin'ny sary io dia endrik'Andriamanitra mpamindra fo, famindrampon'Andriamanitra, na isika mpanota baben'i Jesoa koa dia asain'Andriamanitra ho mpamindra fo tahaka azy. Ny olona anankiroa amin'ny sary io izany dia i Jesoa sy isika mpanota, hitantsika amin'izany fa samy mpanota isika ary i Jesoa izy ilay mifantsika amin'ny hazo fijaliana no mibaby ny fahotantsika, izay ny vaovao mahafaly amin'izao taona masina izao ary anasana atsika.

[Ny sary ovale dia midika ny fifandraisan'ny tany sy ny lanitra](#), ary i Jesoa mifantsika eo amin'ny hazo fijaliana no varavarana, izay ny mahatonga hoe sokafana ny varavarana'ny lanitra, varavarana masina mba idirantsika amin'ny varavarana'ny lanitra amin'izao taona masina izao. Manambara koa fa efa misokatra ny varavarana, miray ny lanitra sy ny tany.

[Ny loko manga amin'ny ovale](#), ny lanitra ary izay ny andrandraintsika. Misy maizina ny loko manga izay midika fa avy amin'ny haizin'ny fahotana isika (loko manga mainty) ho entin'i Jesoa hampidiriny amin'ny varavarana'ny lanitra(manga mazava) .

[Jereo ny maso](#) raha ny tokony ho izy efatra satria olona anankiroa, nefo telo ihany no hita amin'ny sary, tsy hoe sampona fa misy dikany izany hoe : mitambatra ao anaty famindrampon'Andriamanitra ny mason'i Jesoa sy ny masontsika, miova ho maso tokana amin'ny mason'i Jesoa ary izay ny masom-pinoana araka ny averimberiko matetika amintsika hamakivakantsika amin'izao taona masina izao. Enga ho MASO IRAY amin'Andriamanitra isika ka ho FO IRAY aminy ka izay rehetra jerentsika dia araka ny sitrak'Andriamanitra ary ho tia tahaka an'Andriamanitra ka HAMINDRA FO TAHAKA NY RAY

[Manambara ny toe-panahy hoentintsika hamakivaky ny taona masina ny logo](#), ny famindrampon'Andriamanitra manatona atsika, i Jesoa dia mibaby atsika ary anjarantsika ny manatona ny famindrampon'Andriamanitra. Izy mibaby ny fahotantsika, mahantre isika noho ny fahotana ary izay ny Eglisy, kanefa vonjen'Andriamanitra.

Manankarena ny famindrampon'Andriamanitra ka manatona an'izany famindrampo izany isika ka izay no anaovantsika an'ireto ezaka dimy :

Manao pelerinajy, manao ny fitsaohana ny sakramenta masina, manao ny vavaka, miombombavaka amin'ny Papa Ray masina, manao ny sakramentan'ny famindrampo ary mankalaza ny Eokaristia.

Izay no ataontsika, handraisantsika ny famindrampo mitafotafon'Andriamanitra.

Misy zavatra telo hihainantsika an'izay famindrampon'Andriamanitra izay :

- ▶ Hanalavitra ny hery setra isika eo anivon'ny fianakaviana, fiaraha-monina sy ny fiainantsika andavanandro. NY TSARA NO ENTINTSIKA HIADIVANA NY RATSY
 - ▶ Tsy hanapotika ny zavaboahary isika na dia manjaka amin'ny zavaboahary fa tsy hanjakazaka. Ho mpanjakan'ny zavaboahary, ho mpikarakara, ho mpikoloko ka amin'izao faha-60 taonan'ny diosezy izao, hiezaka isika mba ho diosezy maitso ka ny vita batemy tsirairay dia hamboly hazo enina isan'olona mandritra ny folo taona, mahavita mihoatra moa vao mainka tsara. Mety hanontany anareo aiza ny tany, aiza ny zanakazo ? Tahaka an'i Abrahama nitondra an'Izaaka isika dia hitan'Andriamanitra ny hahasoa atsika, aza manahy fa ho hisy ny tany, malalaka i Madagaskara ary ho hisy ny hazo satria tsy ilaozany fahasoavan'Andriamanitra izay miara-miasa aminy araka ny voalazako matetika hoe raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra hanao ny asantsika.
 - ▶ Aza adino fa miainga amin'ny fianakaviana ny ezaka rehetra ataontsika, ka amin'izao taona masina izao hivavaka ny fianakaviana satria izay manaporofo fa mandray ny famindrampon'Andriamanitra isika, hampandroso an'Andriamanitra ny Eglizy kely ka isaky ny Asabotsy miaraka mivavaka. Minoa ahy ianareo ry Kristianina havana fa na dia eo aza ny mety ho sento na fahorianfa raha mivavaka isaka Asabotsy miaraka amin'i Masina Maria ny fianakaviana mandeha mamonjy Eglizy dia mahatoky an'Andriamanitra aho fa hahazo fahasoavana manokana izay fianakaviana manatanteraka an'izay. Matokia ahy ianareo. Mety hisalasala isika, misy koa ny fakam-panahy fa raha manatona ny famindrampon'Andriamanitra isika amin'izao taona masina izao dia ho sambatra, ho soa ny fianakaviana mivavaka.
- Izay ny tapany voalohany nentina ho fanazavana ny logo ny famindrampo ka hampiharintsika amin'ny fiainana.

Ny tapany faharoa, hiresaka ny famangiana pastoraly izay tsy misaraka amin'izany rehetra izany. Androm-pahasoavana ho antsika izao Alahady faha-4 ny Avent izao izay hanomanantsika akaiky dia akaiky amin'ny noely, anatin'ny herinandron'ny noely isika izao anaty famangiana pastoraly izao. Araka ny averiko matetika amintsika fa ilay mpiandry ondry no mamangy, izay lazaintsika fa mibaby ny ondriny no mamangy atsika ka ireto avy ny hafatra vokatry ny famangiana pastoraly izay hanaovantsika dingana vaovao, hirosoantsika amin'ny lalindalina kokoa noho ny maha-Eglizy atsika, Eglizy mivavaka, Eglizy vavolombelona, Eglizy mandalimpinoana, Eglizy manompo, Eglizy mandray an-tànana. Ireto avy ny hafatra ho antsika Eglizy iraka roa eto an-tanànan'ny Sambava manomboka any amin'ny Eglizy fiombonana ka hatraty amin'ny Eglizy iraka.

Zavatra telo no tsapa fa tena nanaovantsika ezaka ka hiarabako anareo, isaorana Andriamanitra, isaorako anareo tolagna (pretra, voatokana ary lahika) :

► Ny voalohany ataoko fa zava-dehibe ny firaosankinanareo anatin'ity misiona anankiroa ity, marina fa samy manana ny fizarazarana hatramin'ny Eglisy fiombonana ka hatraty amin'ny Eglisy iraka, fa miezaka ianareo ho tena Eglisy ary ao anatin'ny firaosankina. Izay misaraka fasika ary tsy mba asan'ny fanahy masina ny mampisaraka fa asan'ny demony. Anareo anefa na mety misy ny tsy fitovian-kevitra, samy manana ny toetrary sy ny fomba fiheviny ny Eglisy fiombonana tsirairay, resenareo izay ka tena mankasitraka amin'ny firaosankinanareo. Aza matory anefa isika fa mandady ny trambo, ny demony izany ka alalino ny firaosankinanareo io, izay mompera e ! Marina tsy ampy anareo mompera fa raha ianareo no manana firaosankina, ataoko fa hipaka any amin'ireo kristianinantsika izay, raha manana ny tena firahalahiana marina ianareo ka mahay mifanohana sy mifanohintohina mba hiroso amin'izay firaosankina sy fiombonana izay. Izay no maha-Eglisy izay ary ataoko fa na dia eo aza ny fahasahiranana, na dia tsy vita araka ny tokony ho izy aza, tsy lavorary araka ny vavaka ataontsika ao amin'ny vavaka ny famindrampo io, fa miezaka isika ary tohizo. Ary ampianareo ireo pretra ry Kristianina, eo koa ianareo voatokana fa indrindra moa ianareo voatokana amin'ity faritra SAVA ity, araka ny programa dia aty aminareo amin'ny andron'ny Pentekoty andron'ny fanahy masina no hanaovana ny andron'ny voatokana eto amin'ny diosezy ka amin'izao taona masina izao tohizanareo ary halalininareo izay firaosankina izay.

► Ny faharoa azo asongadina amin'ny ezaka nataontsika tato ho ato ary tokony hohalalinina, tsy tokony ho afapo amin'ny ezaka lehibe izay ataonareo ato amin'ny Eglisy iraka roa ny fandraisana an-tànana. Raisonareo an-tànana ny fiainan'ny Eglisy : ao ny hasim-pinoana, ao ny rakitra araka ny tatitra rehetra, tohizo izay ary hamafiso. Izaho tsy mahafantatra ny tena vokatra fa tatitra ny aty amiko ka araka ny tatitra ataonareo raha misy voalohany ato amin'ny diosezy dia faharoa ianareo, raha tsy faharoa dia voalohany ka tohizo izay ezaka ataonareo izay. Ho fantatrantsika izay vokatra izay rehefa manao lamesa krismaly any Diego satria amin'izay ireo pretra mitondra ny ezakantsika tsirairay ka apetrakantsika eo am-pelantànan'Andriamanitra. Tsy anaovantsika rehareha izany satria tsy ao anatin'ireny ny hazahoantsika famonjena fa ao amin'i Kristy ka atolotrantsika ao amin'i Kristy mba ho famonjena ho antsika

► Ny fahatelo mila ho hatsaraina bebe kokoa satria mbola maro ny tsy mety aminy kanefa efa nanao ezaka ianareo, tsy inona fa ny fandalinam-pinoana ny katesizy izany. Tokony atombontsika any amin'ny Eglisy fiombonana, nanao ezaka ianareo amin'ny fandalinam-pinoana porofon'izany roanjato mahery no manao konfirmasio. Io fandalinam-pinoana io no tsy maintsy hatsaraina bebe kokoa satria any no hametrahantsika ny faka, ny vahatry ny finoantsika, ny maha-katolika atsika. Raha mitsangevaheva, tsizarizary, goragora araka ny fitenintsika ankehitriny ny fandalinam-pinoana any amin'ny Eglisy fiombonana dia manahirana, porofon'izany tsy hoe fanomezantsiny fa mbola maro ireo Eglisy fiombonana tsy manana konfirmasio na tamin'ny taona lasa, na tamin'ity taona ity, na amin'ny taona hoavy aza kanefa ny Eglisy tsy miteraka ho faty satria momba izany, sanatria. Aoka ary ho halalinina ny finoana, hapetraka tsara ny katesizy. Ao ianareo inspektera, ianareo katesista, adidinareo voalohany izay, ary ao ianareo pretra jerevonareo tsara mikasika an'izay fandalinam-pinoana izay,

aza variana hoe roanjato manao konfirmasio nefo amin'ny toerana sasany efa taona maro tsy misy konfirmasio.

Raha izay telo izay no misongadina ka anaovana bravo atsika, **ireto kosa ny indro kely ka mila ezaka bebe kokoa ka tena hanaovantsika ezaka tsy hoe amin'ity taona ity fotsiny fa ilaina hitohy**

► Ny voalohany fametrahana any amin'ny Eglizy fiombonana ireo rafitra rehetra, io no ilazako amintsika fa raha ny vahatry ny hazo iray (manga) eny ambony eny hitsiry ve io manga io sa ho faty ? Ka raha miroborobo roanjato manao konfirmasio nefo ny vahatra hita aty ambony aty, tsy izy mihintsy. Ny konfirmasio io tokony any amin'ny Eglizy fiombonana ireo nefo tafiditra aty ambony aty, atahorako na rivotra kely fotsiny dia lasa isika. Izay no mahatonga tsindraindray hoe lasa nanao sekta dia malahelo atsika satria tsy mivahatra ny Eglizy fiombonana. Any izany no tsara misy ny rafitra rehetra hamelona ny Eglizy iraka, hamelona ny diosezy. Tsy misy ny diosezy fa ny Eglizy fiombonana no mandrafitra ny diosezy. Ary raha mandrafitra tsara ny diosezy izy dia velona ny diosezy ary dia hiroso lalindalina kokoa ny maha-Eglizy atsika.

► Ny faharoa fandalinana ny taratasy pastoraly, tsy maintsy halalininareo ary eto ianareo mompera, ianareo inspektera amin'ny fivoriana ataonareo, amin'ny fihaonanareo raiso ireo taratasy telo nosoratako, taratasy manazava ny fianakaviana Eglizy kely izay no voalohany, ny faharoa dia Eglizy mandray an-tànana ny Eglizy velona, ary ny taratasy faha-telo ny maha-Eglizy ny Eglizy. Ezaka ataontsika izany, ka amin'ny alalan'ireo no ametrahantsika ny fikambanana masina. Aoka ho tafiditra anatin'ny rafitra ny fikambanana masina sy ny firohotana, ny vondrom-bavaka isankarazany fa raha ety ivelany izy dia tsy tafiditra anaty fiainan'ny Eglizy. Ary toy izany koa ianareo vaomiera ampidiro, ataovy izay hahatonga azy ho ao anatin'ny rafitra tanteraka mba hankahery atsika ka hahafahantsika hiala amin'izay.

► Ny fahatelo farany amaranako ny hafatra dia mitodika aminareo tsaiky madiniky aho, mitodika aminareo mpanabe Ibalita, Imaitsoanala. Araka ny fantatrantsika natao ho misioneran'ny famindrampo ianareo tsaiky madiniky, manantena aho fa misy programme manokana ataonareo ho an'ireo tsaiky amin'ity taona ny famindrampo ity. Karaha ailikilika loatra ny tsaiky tato ho ato zay ka tsara raha mba misy fihaonan'ireo misionera ny famindrampo fa hirahina izy raha vita ity taona ity mba hanohy amin'izay maha-misionera ny famindrampo izay.

Zay ry Kristianina havana ny hafatra tiako hasongadina na dia maro aza ny tiana hampitaina amintsika hamelombelona atsika fa indrindra amin'izao taona masina izao, araraoty izao taona izao. Marina mety misy ny tsy lavorary fa matokisa ny famindrampon'Andriamanitra ary atony izy, mahaiza mifananatra mahaiza mifampatoky, maro ny zavatra mety tsy mandeha tsara na eo anivon'ny fianakaviana, na eo anivon'ny fikambanana sy vondrom-bavaka, na eo anivon'ny firohotana isankarazany, ataovy eo anivon'ny fiainantsika ny famindrampon'Andriamanitra fa aza mifanaratsy isika fa ataovy izay hifanasoavana ary ataovy amim-panetrentena.